ANOSIZATO

# RAZANA NATSIN-GEVAN'NY RANO

4

MARINA IZANY !

## MENDRI-PIDERANA !

2

ANTSIRABE

## FATY TSY NISY LOHANY INTSONY, LANIN'NY BIBY

4


Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7483 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 30 janoary 2023


PORT-BERGE-ANTSOHIHY RN6

## MIVERINA AMIN'NY LAONINY NY FIFAMOIVOIZANA

7

NAIVO RAHOLDINA

7



## "TSY HISY INTSONY FIARAHA-MITANTANA, TSY HISY FIFI-DIANANA HIHEMOTRA ETO"

KITRA-CHAN 2022/MANASA-DALANA

3

# MANDRAVARAVA NY BAREA, I SENEGAL INDRAY NO HIDONA AMINY



FEDERASIONA MALAGASIN' NY BAOLINA KITRA

3

## NANOME TOKY FA HOZARAINA ARA-DRARINY NY "PRIMES"

FIANAKAVIAMBEN'NY MPANOHITRA

2

# MAHAZO VAHANA NY FIZARAZA-RANA SY NY FISARAHAN-KEVITRA

TETIKASA PRODIGY

7

## VOATENDRY HO MPAN-DRINDRA NY SAMPANA NY Dr RICARDO RATSIMBA




Fianakaviamben'ny mpanohitra

# Mahazo vahana ny fizarazarana sy ny fisarahan-kevitra

Tsy mbola ato ho ato no hiova ny fomba fanaovana pôlitika eto. Tamin'ny fiandohan'ny fotoam-piasan'ny Filoha am-perinasa dia niteraka resabe ny fisian'ny mpanao pôlitika sakaizan'ny mpandresy sy ny mpamadika palitao. Amin'izao ankatoky ny fifidianana izao indray dia misesisesy ny fanambarana hiarovantseza sy tombontsoa ho an'ny mpanohana ny fanjakana. Aty amin'ny mpanohitra indray dia mahazo vahana ny fizarazarana sy ny fisarahan-kevitra, noho ny kajikajy pôlitika. Samy milaza sy mahatsapa anefa ny aty amin'ny hery fanoherana fa latsaka ankaterena ny firenena, noho ny antony efa tanisaina, saika isan'andro. Samy mahatsapa ihany koa fa tsy misy afa-tsy ny famondronan-kery no ahafahana manarina izany, amin'ny alalan'ny fifidianana, saingy ny mahavariana dia mijanona ho resaka fotsiny izany. Tsikaritra izany, ny andron'ny 26 janoary lasa teo.

**Ny teo ihany no miverina !** Ny andron'io ihany, raha teny Mandrimena ny ampahany maro amin'ny mpanohitra, nahitana olomboafidy, tomponandraiki-panjakana teo aloha, mpanao pôlitika…ny Filoha teo aloha kosa namory ny ekipany teny Bel'Air. Anisan'ny nanoina ny antso ny TIM, ny RMDM, ny vondrona Panorama, ny hetsika HIFFIM… Iretsy voalohany raha tsiahivina dia namoaka fanambarana iombonana, nampahafantatra fa efa "Lera" izao, hitadiavana ny fomba rehetra hanilihana ny mpitondra, amin'ny alalan' ny fifidianana madio sy eken'ny rehetra, ny faharoa kosa nahazoam-baovao marim-pototra fa niafara tamin'ny fifanazavana sy fifamaliana ny fivoriana. Ny antony, nisy ny tsy fifampitokisana, noho ny mpanao pôlitika sasany mahatsapa fa misy ny misabaka. Ny dikany, ny teo ihany no miverina !

V.R.

Filoha Andry Rajoelina tany Ilaka Est

# Hanao laharampahamehana ny sosialim-bahoaka amin'ity taona ity

Nosokafan'ny Filoha Andry Rajoelina tamin'ny fomba ofisialy ny sabotsy teo tany Seranandavitra, Kaominina Ilaka Est, distrikan'i Vatomandry, ny taom-pambolenkazo 2023. Nisongadina tamin'ny lahateniny ny famariparitana ireo paikady hotanterahina amin'ity taona ity. Isan'ny lehibe tamin' izany ny nilazany fa hitodika bebe kokoa amin'ny sosialimbahoaka ny hetsiky ny fitondram-panjakana ary hisy ny drafitra manokana hapetraka hoentina manatanteraka izany. "*Raha niezaka nametraka ny fahefam-panjakana tamin'ny alalan'ny fananganana ireo fotodrafitrasa isan-tsokajiny manerana ny nosy isika teo aloha teo, dia hanao laharampahamehana ny sosialim-bahoaka indray amin'ity taona ity* », hoy izy. Tsy nohadinoin'ny Filohampirenena ihany koa ireo izay niharam-boina nandritra ny fandalovan'iny rivodoza Cheneso farany teo iny. Nitondra ny teny fankaherezana azy ireo ny tenany ary nanambara fa hanamafy ny fanampiana efa nataon' ny Governemanta sy ny BNGRC teny an-kianja. Marihina fa velaran-tany 100 Ha no nanombohana izany, ka ny 75 Ha tamin'io no nambolena zana-kazo niisa 120 000 nifarimbonan'ireo solontenan'ny andrimpanjakana, ministera isantokony, mpiara-miombona antoka iraisam-pirenena, ary ireo fikambanana tsy miankina sy ny fokonolona.

JUDD

## Marina izany !

### Mendri-piderana !

**Mba afaka nifalifaly indray aloha ny mpitia fanatanjahan-tena, eny fa azo lazaina ho ny Malagasy iraimanontolo mihitsy, na ny eto antanindrazana na ny any am-pita, manoloana ny toerana mendri-piderana misy ny Barea, ao anatin'ny fifaninanana « Champion d'Afrique des Nations ». Tafiditra ho mpifaninana amin'ny ampahefa-dalana mantsy isika ary niezinezina ny nandresen'ny mpilalao baolina kitra malagasy ny Môzambikana. Sambany teo amin'ny tantara izany. Mendri-piderana ny ekipa. Mendri-piderana toy izany koa ny mpanazatra Roro Rakotondrabe, nanao ny ainy tsy ho zavatra ary mampiakatra avo ny lentan'ny baolina kitra sy ny toerana misy ny ekipam-pirenena. Rehaheran'ny ekipa izany, reherehan'izy tompon-tena ary indrindra reharehan'i Madagasikara fa hay mahavita azy ny Malagasy, rehefa omena toerana sy omena fitokisana ary tohanana. Tsy voatery haka mpanazatra avy any ivelany intsony izany isika! Hadinodino kely aloha ny fahasahiranana mianjady amin'ny isan-tokantrano sy ny olana samihafa fa niara-paly sy niara-nanohana ny Barean'i Madagasikara ny rehetra, ny asabotsy lasa teo. Tsikaritra izany tamin'ny fanehoankevitra niparitaka teny amin'ny tambajotra sôsialy sy ny adihevitra teny amin'ny fiarahamonina teny, nialoha, nandritra ary taorian'ny lalao. Tao ny namorona fety tampotampoka noho ny hafaliana. Misy mihitsy no efa miomankomana amin'ny fitsenana ny Barea, amin'ny fotoana hiveren'izy ireo an-tanindrazana. Antenaina fa tsy ny olompirenena tsotra ihany no mivonombonona amin'izany fa efa miomana hanome voninahitra azy ireo koa ny manam-pahefana isan-tokony ! Mirary soa hatrany ho an'ny ekipam-pirenena ! Alefa Barea !**

Voahangy Rakotozafy


# Tombola Cosmos

**Azon-dRakotondrazaka Aina ny lokabe fiara 4x4**

Mikarakara lalao tombola hatrany ny tranombarotra lehibe Cosmos. Tamin'ity indray mitoraka ity, fiara raitra 4x4 marika Great Wall M4 ny lokabe. Nanomboka tamin'ny 15 novambra 2022 ny fandraisana anjara ary nifarana ny 15 janoary 2023. Natao ny asabotsy 21 janoary 2023 teo ny fisarihana, ka tsara vintana tamin'izany i Rakotondrazaka Aina.
Natolotra azy, ny asabotsy 28 janoary teo, ny fanalahidy sy ny taratasin'ny fiara, misoratra amin'ny anarany. Notsoriny fa tena faly dia faly tokoa izy, sady tsy nampoiziny mihitsy ny nahazoany ity lokabe nomen'ny Cosmos azy ity.
Afaka nandray anjara daholo ny mpanjifa rehetra, ka isaky ny 500.000ar vidin'entana dia mahazo tapakila iray amboniny ny mpanjifa, ohatra hoe raha nividy 1.000.000ar dia mahazo tapakila fandraisana anjara 2. Izany hoe, azo atao ny manana tapakila fandraisana anjara maromaro raha mividy entana maromaro ary betsaka kokoa ny vintana amin'izay.







**Manerana ny magazay miisa 17**

Endrika fankasitrahana sy fanentanana ary fanomezana fahafaham-po omen'ny Cosmos ny mpanjifa ny fikarakarana lalao tombola toy izao. Efa fanaony hatry ny ela, ary maro ireo efa nisitraka ny loka. Toy ny tapakila ahazoana fitsangantsangana tany Qatar, fanomezana « bon d'achat », hividianana entana ao amin'ny tranombarotra, fiara, sns. Mbola hisy loka hafa indray amin'ny lalao manaraka.
Afaka mandray anjara daholo ny mpanjifan'ny Cosmos manerana ireo magazay miisa 17 eto Madagasikara : Antananarivo (miisa 7), Mahajanga (miisa 2), Toamasina, Antsiranana, Ambilobe, Sambava, Antsirabe, Fianarantsoa, Toliara, Taolagnaro.
Ahitana tolotra maro azo isafidianana rahateo ao amin'ny Cosmos. Misy karazany samihafa ihany koa ny fomba fandoavana ny vidin'ny entana.

GCL441/1-1

## Federasiona Malagasy ny Baolina kitra

# Nanome toky fa hizara ara-drariny ny "primes"

*"Raiamandreny izahay ka tsy hanao ankilabao ny zanaka. Mahazo matoky ny rehetra fa handeha ara-drariny izany »*. Io omaly no nambaran'ny filohan'ny FMF, Andrianony Victorien, mahakasika ny resabe momba ny "primes" homen' ny CAF, ho an'ireo firenena tafita nanomboka tamin' ny ampahefa-dalana teo. *"Isaorana ny rehetra miteny ireny satria fitiavana izany"*, hoy ity filohan'ny FMF ity, izay nanambara fa mbola tsy nahazo taratasy manambara mazava ny tarehimarika milaza izany vola



Nitondra fanazavana mahakasika ny "primes" avy amin'ny CAF izy ireto omaly.

izany. Nisaotra ny rehetra nahatongavana amin'izao dingana izao ny tenany, izay sambany tamin'ny tantaran' ny baolina kitra malagasy, hoy izy. *« Nisy kosa ny ezaka sy tolo-tanana tao, isan'izany ny teo anivon'ny fitondram-panjakana, izay nanome ny fampitaovana, ny ara-bola. Teo koa ny MJS, ny FMF"*. Mbola manentana sy miangavy antsika rehetra, hanohana ny Barea izy, ka ny hahazo ny amboara entina mody aty no faniriana. Nisaotra ny mpanazatra ihany koa izy, namoaka ny fanomezampahasoavana, ny mpilalao izay nanao ny ainy tsy ho zavatra, ary manentana sahady amin'ny firaisankina amin'ny fitsenana azy ireo.

**Rabenaivo**

## Piments Café Behoririka

# Nanaitra an'i Samoela ny fitiavan'ny mpankafy an'i "Marenina aloha"

Feno ny toerana, betsaka ireo olona no niverina nody, tao ihany koa anefa ireo nijanona ka nihaino hira tety ivelan'ny Piments Café Behoririka nandritra ny fampisehoana nataon'i Samoela sy ny ekipany, ny zoma alina teo. Tonga talohan'ny fotoana ny ankabeazan'ny mpankafy. Raha ny fanazavana dia anisan'ny be mpankafy mihoatra ireo rakikira teo aloha ny fivoahan'ny rakikira "Bandy akama" anatyUSB ka nisongadina tamin'izay ilay hira hoe « Marenina aloha », ary niarahan'ny rehetra nihira izany. Ankoatra ny hira maneho fitiavana sy



Feno ny toerana nandritra ny fampisehoan'i Samoela.

firahalahiana efa voalahatra nandritra ity alin'ny zoma ity dia maro ny nangataka ireo hira manambara ny zavamisy amin'izao fotoana izao na dia efa ela aza no nivoahany, ka anisan'iny ilay hira hoe "Areheto ny poto", "Ramatro". Nambaran'i Samoela fa tsy fialam-boly sy fanalana hamohamo sy havizanana ny mozika fa hitondrana hafatra sy anatra ho an'ny rehetra ihany koa. Somary niova kely ihany koa moa ny firafitry ny hira noho ny fampiasan'ny tarika ny teknolojia vaovao mifanaraka amin'izao fotoana izao. Afa-po ny mpijery, nahazo toky ry Samoela sy ny tariny fa ilain'ny olona ny mozikan'izy ireo. Nanome toky moa i Samoela fa ny 25 taona manaraka dia hanolotra zava-baovao ho an'ny mpankafy miaraka amin'ny mpitendriny sy ny Bemozika hatrany izy.

**Tiaray R**

## Misaona ny tontolon'ny kanto

# Nodimandry teo am-panaovana fampisehoana i Mam's Dago

Ny asabotsy maraina tokony ho tamin'ny roa no namoy ny ainy rehefa avy nialana nenina teny amin'ny teoram-pitsaboana i Mamisoa, fantatry ny maro amin'ny ananarany hoe Mam's Dago. Ny zoma alina, nanao kabare tao amin'ny Le Buffet du Jardin niaraka tamin-dry Noumaë Tsou sy Njara Olan, Thierry Voltherooms Cindy mpively amponga maroanaka, Carol Rajoely mpitendry gitara izy no nitambotsotra tampoka. Araka ny fanazavan'ireo nanatri-maso dia teo ampitendrena ny hiran'i Poopy izy no tsy tafarina intsony. Nikorapaka ny rehetra ary nitondra azy teny amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Nitendry « clavier » izy tamin'io fotoana io. Noho ity voina nitranga ity dia nofoanana taneraka mihitsy ilay kabare. Io asabotsy io ihany moa dia nentina teny amin'ny trano fonenany eny Andoharanofotsy ny nofo mangatsiakany ary raha tsy misy ny fiovana dia anio alatsinainy no halevina ao amin'ny fasan-drazany eny Andoharanofotsy ihany.

*Halevina eny amin'ny fasan-drazany eny Andoharanofotsy anio.*

Marihina fa mpikambana feno amin'ny tarika Raozin' ny Paradisa, niforona tany amin'ny taona 1968, i Mamisoa. Mpanao vakodrazana izy tamin'izany ary niditra tsikelikely tamin'ny fanaovana hira madinika. Anisan'ny nahafantarana ny tarika tamin'izany ny hirany hoe "Variana milalao", Sahondra", "Mamy ve ny fitia". Nalaza tamin'ny taona 70 sy 80 izany ary nisy fotoana nangingina, saingy ny hiran'izy ireo kosa dia maro ny mpanakanto no nanaovao sy nihira azy. Mpamoron-kira sady mitendry no mihira i Mamisoa tao anatin'ny tarika. Taty aoriana dia manafana lanonana samihafa izy ary mpitendry sy mihira ihany koa. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia miaraka ory amin'ny fianakaviany sy ny vady aman-janany.

**Tiaray R**

HOTSAKOTSAKOINA
«Ny teny fiderana, raha misy fanakianana dia fanaratsiana tsotra izao. Ny faniniana atao, raha ho amin'ny fahatsarana dia mitondra fiderana. »
Ny Vetso (26.02.14)
(«Il y a de reproche qui louent et des louanges qui médisent.»
La Rochefoucauld)

## Kitra - CHAN 2022

# Mandravarava ny Barea, i Sénégal no miandry azy amin'ny manasa-dalana



Mitohy hatrany ny dia ho an'ny Barean'i Madagasikara, eo amin'ny fiadiana ny CHAN 2022, taranja baolina kitra. Taorian'ny nandreseny ny Mambas-n'i Mozambika ny faran'ny herinandro teo, tafita hiatrika ny dingana manasadalana ny ekipam-pirenena malagasy, ka ny Liona Sénégalais no hidona aminy rahampitso any amin'ny stade de Nelson Mandela (Baraki) Alger, fihaonana hanomboka amin'ny 10 ora alina eto Madagasikara. Raha hiverenana iny lalao teo amin'ny ampahefa-dalana iny dia teo amin'ny minitra faha-18 nilalaovana no nahatafiditra ny baolina voalohany ny Barea, tamin' ny alalan'ny daka mandrivorivo nataon'i Koloina, izay nanary tanteraka ny mpiandry tsatokazon'i Mozambika. Io isa 1 no ho 0 io koa no nentina nisaraka teo ampialan-tsasatra. Tsy nihaonona tamin'io ny ekipampirenena malagasy teo amin'ny fizaram-potoana faharoa, izay niezaka namezivezivy sy nitazom-baolina, ka taty amin'ny minitra faha-67 dia nahatafiditra baolina faharoa izy ireo, tamin'ny alalan'i Jean Yves, izay nahay nanararaotra ny tsy fifankazahoana teo amin'ny vodilaharana sy ny mpiandry tsatoby an-dry zareo Mozambika. Tsy nijanona tamin'izany, mbola nahatafiditra baolina fahatelo ny Barea, tamin'ny alalan'i Carlos, taty amin'ny minitra faha-87, izay nahazoany toky tanteraka ho amin'ny fandresena, ka na nampihena ny isa ho 3 no ho 1 aza ry zareo Mambas, taty amin'ny fiafaran'ny fihaonana, tsy nanakana intsony ny lalan'ny Barea, hahazo ny tapakila hiatrehana ny manasadalana izany. Nanambara i Rôro mpanazatra taorian'ny lalao, fa mafy ary sarotra ny ady, ka isaorany ny rehetra nitondra am-bavaka, indrindra ireo mpilalao tena nanao ny ainy tsy zavatra. Voafidy ho mpilalao mendrika tamin'ny fihaonana iny moa i Dax, izay tsorina fa tena namiratra.

*Nahatafiditra baolina ihany koa i Tsiry saingy nolavin'ny mpitsara, taorian'ny fijerena ny VAR izany.*

**Rabenaivo**

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-20)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-20)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-20)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-12)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast. Azo hifanarahana tsara. Tél : 034.36.128.35. (G-BA 452/15-5)

### MITADY ASA

* L. Mitady asa sécurité 27 ans, matotra madio tsy mifoaka. Tél : 033.75.351.31 / 034.34.056.20. (G-BA 456/5-2)

### COURS

* Cours particulier avec Mr Stacy : Maths, PC. Prof pédagogue. Tél : 034.04.018.21. (G-BA 455/5-1)

Anosizato

# Razana natsingevan'ny rano

Nitangorona ny fokonolona nizaha ny razana iray natsingevan'ny ranon'Ikopa omaly tetsy Anosizato. Fatin-dehilahy sahabo ho 30 taona eo ho eo saingy tsy fantatra ny momba azy. Ny mponina ihany no nampakatra ny nofo mangatsiaka ary rehefa natao ny fizahana dia tsy nisy ratra na mangana ny vatany, kanefa efa simba. Naharitra 2 na 3 andro nilona tao anaty rano io olona io ary izao va nitsinkafona, hoy ny mpamonjy voina nantsoina tonga teny an-toerana.



**Ireo fokonolona nizaha ny zava-nisy.**

*“Tamin'ny 2 ora tolakandro teo izahay no nisy niantso fa hoe nisy olona mitsingevana eny Ankazotoho. Tamin'ny 2 latsaka no nanainga hampakatra ny razana ny fiaran'ny mpamonjy voina teto Tsaralalana. Olona efa nitangorona no novantaninay teny ary efa tafakatry ny fokonolona ny razana tamin'izany. Lehilahy ilay namoy ny ainy, nanao pataloa jean manga sy lobaka ary tsy nisy taratasy tany aminy. Tsy nisy nahafantatra azy ihany koa ny mponina na ny komitin'ny fokontany. Araka ny fahitana azy dia ahiana ho faty an-drano ilay izy ary mbola anatin'ny fanadihadiana ny mpitandro filaminana”*, hoy ny tomponandraikitry ny mpamonjy voina. Rehefa vita ny fizahana dia najanona eny amin'ny fokontany ihany ilay vatana mangatsiaka ary andrasana haka izany izay mety ho havany.

**Ariel D.**

Tsiroanomandidy - Ady tany ifandroritana amin'ny ben'ny tanàna

# Hiakatra fitsarana amin'ny 6 febroary izao

Mbola tsy mitsahatra hatramin'izao ny fifandroritana eo amin'ny kaominina sy ireo olona milaza ho tompon'ny tany ao amin'ny fokontany Avaratsena Tsiroanomandidy, kianja hiragasy teo aloha, atsinanan'ny CSBII manara-penitra. Samy miziriziry amin'ny heviny ny roa tonta ka hiakatra fitsarana ambaratonga voalohany ny alatsinainy 6 febroary izao ny raharaha, araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana. Raha zohina dia niantomboka tamin'ny fananganana fotodrafitrasa nataon'ireo olona milaza ho tompon'ny tany ny raharaha. Tsy nahazo fahazoandalana manorina izy ireo ka namoahan'ny kaominina didy mampitsahatra ilay fanorenana. Mbola nisisika



**Miandry ny didy avoakan'ny fitsarana ny ben'ny tanànan'i Tsiroanomandidy.**

nanohy ny asa ihany anefa ireto farany. Ka nidina teny an-toerana niaraka tamin'ny vadintany indray ny ekipan' ny kaominina nanakatona, (nanao“Scellage”) an'ilay toerana. Tsy nijanona teo fa nopotehin'ireo milaza ho tompon'ny tany indray ny “scellage” napetraka teo, araka ny fanazavan'ny ben' ny tanàna. *“Tsy nanakana ny fanorenana nataon'ireo olona ireo mihitsy izahay raha nanana taratasy manambara ny maha tompon'ny tany azy ireo olona ireo”*, hoy ny ben'ny tanànan'ny kaominina ambonivohitra Tsiroanomandidy, Atoa Razafindredohy Manajara Jaona. Raha ny fanazavan' ity farany manko dia mbola tsy nitondra ny taratasy manamarina ny maha-azy ny tany teny amin'ny kaominina mihitsy ireto olona ireto.

**Fangatahana maromaro**

Raha jerena ny “plan de repérage” navoakan'ny sampandraharaha misahana ny fanana-tany ny datin'ny 23 septambra 2021 dia efa nisy olona maromaro nanao fangatahana an'io tany io ny taona 1981 sy 1982 ary fanintelony ny fangatahana tamin'ny 1988 nataon'ireo milaza ho tompony amin' izao. Nanambara ihany koa ny ben'ny tanàna fa efa nisy tetikasan'ny kaominina hanangana fotodrafitrasa ho an'ny vahoaka eo amin'io tany io ka efa nametraka taratasy mangataka ny hamerenan'ny fanjakana amin'ny kaominina ny fitantanana ny tany ny fiadidiana ny tanànan'i Tsiroanomandidy ny taona 2021. Manohana izany ireo fokonolona monina ao Avaratsena, nanao sonia ny tsy fanekena an'ilay fotodrafitrasa nataon'ireo milaza ho tompony. Efa eo am-pelatanan'ny fitsarana moa ny raharaha ka andrasana ny tohiny.

**Niry R.**

Manakara

# Roa lahy nikasa hanaparitaka vola sandoka 1 060 000 Ariary

Voasambotry ny polisy ireo roa lahy mpanaparitaka vola sandoka ao Manakara. Ny zoma teo no tra-tehaka ireto olon-dratsy ireto ary nahatrarana enina alina sy iray tapitrisa ariary (1 060 000 Ar) sandoka. Nisy mpivarotra nitaraina fa nahazo vola sandoka tao an-toerana. Rehefa henon'ny polisy izany dia nandeha ny fikarohana ka fantatr'izy ireo fa misy olona roa no tena manaparitaka sy mitana ireo vola sandoka ireo. Niroso tamin'ny fisamborana ireto farany ka rehefa nasaina nosokafany ny kitapo dia mbola tratra tao ny vola sandoka. Nentina avy hatrany teny amin'ny kaomisaria any an-toerana ireto farany nanaovana fanadihadiana ary tamin'izany no nahafantarana fa vola azon' izy ireo tamin'ny varotra omby tao Ihosy ireo vola ireo. Mitohy ny fanadihadiana mahakasika ity raharaha ity.

**Besalampy**

Tafiditra amin'izay asan'ny polisy izay hatrany dia tafavaverina ny omby miisa 50, avotra avokoa ireo takalon'aina nalain'ny dahalo an-keriny tao Besalampy. Raha zohina dia nisy fanafihan-dahalo tao antoerana ka lasan'izy ireo tamin'izany ny omby miisa 50 ary mbola nalain'izy ireo an-keriny ihany koa ny zatovovavy miisa 2 tao antanàna. Rehefa natao ny fanarahan-dia dia tafaverina ny omby ary avotra ireo takalon'aina.

**Ariel D.**

Antsirabe

# Faty tsy nisy lohany intsony fa hoe lanin'ny biby

Tranga nampivarahontsana no niseho tao amin'ny fokontany Soanierana, kaominina ambanivohitra Antanambao, distrikan'Antsirabe II, omaly vao maraina. Fatin-dehilahy iray izay monina ao Adriatsitovy no nisy nahita, saingy nahatsiravina ny razana. Efa tsy nisy lohany intsony ary efa tsy nisy hoditra intsony ny karan-dohany, ary efa an-tsasany sisa. Ankoatra izay anefa rehefa nozahana dia tsy nahitana ratra, na mangana, na ihany koa dianjavatra maranitra ny vatany. Izany hoe tsy nahiana hoe nisy namono ilay lehilahy, saingy tsy fantatra izay nahazo azy. Ny loharanom-baovao azonay ihany no nahalalana fa mampiahiahy ny zava-nitranga. Nandritra ny fizahana natao dia hita fa niala ny lohan'ilay olona maty ary tazana tsy lavitra teo ny antsasaky ny karan-dohany. Miahiahy ny mponina, satria olona iray no nilaza sy nijoro vavolombelona fa misy biby tsy fantatra anarana mivezivezy amin'ny alina ao amin'io fokontany io. Ahiana araka izany sao io biby io no fototr'izao fahafatesana izao.

**Nisy alika**

Nanamafy hatrany ity farany fa vao tsy ela akory no nisy alika niharan-javatra toy izao tao an-toerana. Hatreto dia mbola mijanona ho ahiahiahy avokoa izany rehetra izany fa ny fanadihadiana no hamaritra ny tena zava-nisy marina, izay hataon'ny zandary misahana ny zanatobim-paritra Antanambao. Taorian'ny fidinana ifotony nataon'ireto mpitandro ny filaminana sy ny mpitsabo ary ny tomponandraikitra dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana. Tsy hijanona fotsiny anefa ny mpitandro ny filaminana fa mba ho fanomezana toky ny mponina dia nilaza ny hanamafy ny fikaroham-baovao sy ny fisafoana amin'ny alina izy ireo , izay hiarahana amin'ny andrimasom-pokonolona.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***#Taorian'ny lalao nihaonan'ny Barea sy ny Mozambika ny sabotsy teo dia lehilahy iray avy etsy Andraisoro no voalaza fa nijanona tampoka ny fony, noho ny hafaliana be loatra tamin'ny fandresen'ny Barea.*** Anisan'ny mpankafy ary mpanaraka tsy tapaka ny lalao ataon'ny Barea ity farany ary indrindra rehefa mandray anjara amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny Barea. Heverin'ireo akaiky azy fa noho ny hafaliana be loatra no nitarika ny fijanon'ny fitempony fony tampoka ka nahafaty azy toy izao. Tsy nahazo fanamarinam-baovao avy amin'ny fianakaviany moa izahay ka hotaterina eto ny mety ho tohiny.

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 910 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

**Lasopy henan'omby sy legioma**

**Zavatra ilaina :** menaka, tongolo gasy 6, sakamalao, sakay pilo kely mena raha mahazaka, ron'akoho, rano, saosy soja 1 sotro lehibe, sira, dipoavatra, henan'omby ¼ kg, paty vermicelles 80g, karoty 100g, tongolo maitso 6, olatra, soja.

**Fomba fikarakarana azy :** Hafanao ny menaka anaty vilany, dia endaso ao ny tongolo gasy, ny sakamalao, ny sakay pilo kely. Haroharoy. Araraho ao ny ron'akoho, ny rano, ny saosy soja, sira sy dipoavatra. Ampangotrahy. Arotsahy ao ny henan'omby ka andrahoy. Rehefa akaiky ho masaka dia arotsahy ao ny paty vermicelles sy ireo legioma.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Manome**




## Hatsikana an-tsary

**Voambolana**




## Masoandro Miposaka

**Isaia 65 : 17**


17 Fa, indro, Izaho mahary lanitra vaovao sy tany vaovao, ka dia tsy hotsarovana intsony ny taloha, na ho mby ao an-tsaina akory aza.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza manao arahaba mamba, tsy fitia fa tahotra.**

Ne saluez pas comme on salue un caïman : ce ne serait pas de l'amitié, mais de la peur.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2868

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | | 2 | | | |
| | | | | | | | | 8 |
| | | | | 8 | | 9 | 5 | 4 |
| 4 | | | 9 | | 6 | | | 1 |
| | | | | 1 | | 4 | | |
| 3 | 8 | | | | | | | 7 |
| | | 6 | 4 | | | 2 | | |
| | | 2 | | | | | | 9 |
| | | | | | | | 1 | |

Valin'ny laharana 2867

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 9 | 2 | 8 | 5 | 6 | 3 | 4 | 7 |
| 5 | 4 | 7 | 1 | 9 | 3 | 6 | 8 | 2 |
| 8 | 3 | 6 | 7 | 2 | 4 | 1 | 5 | 9 |
| 7 | 6 | 8 | 9 | 3 | 1 | 5 | 2 | 4 |
| 9 | 2 | 4 | 6 | 8 | 5 | 7 | 3 | 1 |
| 3 | 1 | 5 | 4 | 7 | 2 | 8 | 9 | 6 |
| 2 | 7 | 9 | 3 | 6 | 8 | 4 | 1 | 5 |
| 4 | 5 | 3 | 2 | 1 | 7 | 9 | 6 | 8 |
| 6 | 8 | 1 | 5 | 4 | 9 | 2 | 7 | 3 |

Lalam-pirenena

## Efa misokatra ny RN4



**Efa azo ifamezivezena ny RN4 na mbola tsy vita araka ny tokony ho izy aza.**

Niverina niasa nanomboka ny faran'ny herinandro teo ny lalam-pirenena fahefatra raha tapaka tsy azo nifamezivezena nandritra ny andro maromaro. Ny sabotsy lasa teo anefa, raha ny zavatra hita teny amin'ny lalana, fitohanana izay tsy izy no nisy talohan'ny fidirana tao Anjiajia noho ny fisian'ny fiara be iray taraiky tao. Voatery niandry ora maro ny fiara vao afaka nandeha. Efa nanambara moa ny minisiteran'ny asa vaventy fa ireo asa fanamboarana sy fanamafisana ary fanatsarana ireo lalana simba eo amin'ny PK 378+00 sy PK 434+700 dia mbola mitohy hatrany, koa manentana antsika mpampiasa lalana hanaraka sy hanaja ireo fandaminana any an-toerana. Etsy ankilan'izany, raha ny tatitra navoakan'ny MTP, mbola tapaka ny lalana mampitohy an'Antananarivo sy Antsiranana na RN6. Nihotsaka mantsy ny tetezana vonjimaika eo amin'ny RNP6 217+100 ka tapaka ny lalana. Ho an'ny faritra Atsimo Atsinanana indray, noho ny fiakaran'ny rano dia miato ny fampitana olona amin'ireto bac mampitohy an'i Vaingandrano sy Taolagnaro. Tafiditra ao anatin'izany ny bac Befasy, bac Manambondro ary ny bac Masianaka. Rehefa miverina amin'ny laoniny ny rano dia azo antoka fa ho afaka miasa ireo bac rehetra ireo. Marefo ny fotodrafitrasa eto amintsika indrindra ny lalam-pirenena ka tokony hitandrina ny rehetra eo anoloan'izany.

**Nath**

Fitakiana ny fanokafana ny Base Toliara

## Nanao fihetsiketsehana sy fanambarana iombonana ny vahoaka

Miandrandra fampandrosoana ireo vahoaka. Mihamafy ny fitakiana ataon'ireo vahoaka ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Tamin'ny zoma lasa teo, tao amin'ny "Jardin de la mer" ao Toliara dia nanao fihetsiketsehana ireo olobe sy tanora ary fikambanana maro samihafa, izay nentina nanao antso avo amin'ny Filoham-pirenena mba hamerina ny fanokafana ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ataon'i Base Toliara. Nisy ny fanambarana iombonana sy filanjana sora-baventy nataon'izy ireo. *"Efa nalainay avokoa ny hevitr'ireo mponina eto Toliara. Nisy koa ny fihaonana tamin'ireo manam-pahefana ato amin'ny faritra Atsimo Andrefana. Iombonanay rehetra ny fitakiana ny famerenana ny fanokafana ny tetikasa Base Toliara."*, hoy i Mana Parfait, filohan'ny vovonan' ireo olobe ao Toliara. Nanamafy ity olobe ity fa nahafeno ny fepetra ara-taratasy sy ara-dalàna ity tetikasa ity ary hiteraka famoronana asa mivantana eo amin'ny 4 680 sy hitondra fampiasam-bola 700 tapitrisa Dolara amin'ny fanombohany sy handrotsaka 14 miliara Dolara ho an'ireo kaominina voakasika.

*"Niantso ny Filoham-pirenena handray fanapahan-kevitra"*

**Nanofana**

*"Nampanaovin'ny Base Toliara fampiofanana maro samihafa izahay, toy ny fianarana mitondra ireo fiara fampiasana anatin'ny toeram-pitrandrahana ary ny tao trano sy ny asa vaventy. Nisy taminay mihitsy aza no nalefa niofana tany Kenya. Mangataka amin'ny Filohan'ny Repoblika mba hamerina ny fanokafana ity tetikasa ity."*, hoy i Naina, tanora monina ao Benetsy, kaominina Ankilimalinike. Tsiahivina fa nisy tanora teo amin'ny 750 tao Atsimo Andrefana nofanin'i Base Toliara teo amin'ny sehatry ny indostria lehibe, ny tao trano, ny fanamboarana biriky, ny informatika, ny zaitra ary ny fanamboarana savony. Nisy 24 nalefa niofana momba ny herinaratra sy ny mekanika amin'ny indostria sy fiara tany Kenya. *"Mangataka ny fanokafana ity tetikasa izahay. Misy fikambanana mpanjono hafa tsy mahita afa-tsy ratsy ao anatin'ity tetikasa ity. Tsy izy ireo irery anefa no fikambanana mpanjono eto. Misy maro ireo mankasitraka ny tetikasa, toy ny Kintana Fahazavana, ny Anosivato Miray, ny FIVEMI, ary ny FIVETELO. Miandry ny fisokafan'ny Base Toliara avokoa ireo fikambanana ireo."*, hoy i Zafy, mponina ao Ambohitsabo ary misolo tena ireo mpanjono.

**R. Muray**

Naivo Raholdina

# "Tsy hisy intsony ny fiaraha-mitantana, tsy hisy fifidianana hihemotra eto"

Taorian'ny fijoroan'ny vovonana C'Lera ny herinandro teo dia nanao fanehoankevitra politika momba an'ity fikambanamben'ny mpanao politika ity ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. *"Depiote maro an'isa ny ny antoko TGV sy ny MAPAR izay mbola miaraka amin'ny Filoha Andry Rajoelina ka na naheno ny antso aza dia tsy nisy nandeha tany amin' ny C'Lera. Tsy hisy intsony izany fiaraha-mitantana izany ary tsy hisy fifidianana hihemotra eto Madagasikara. Manao antso amin'ny vahoaka malagasy izahay mba tsy ho voarebirebin' ireny. Ny olom-pirenena rehetra feno 18 taona no mihoatra dia tokony hisoratra anarana hahafahany mifidy, satria mifarana rahampitso 31 janoary 2023 izany. Aminay dia aleo amin'ny fifidianana no hifampitady ny mpitondra sy io vovonana io"*, hoy ny depiote Naivo Raholdina, filohan'ny TGV ao amin'ny boriborintany faha-V. Nohamafisin'ity farany fa *"efa betsaka ireo asa vitan'ny fitondram-panjakana tarihin'ny Filoham-pirenena ary mbola hotohizanay izany. Raha manontany isika hoe: inona no zavatra vitan'ireo mpitondra teo aloha ireo? Tsy nisy na inona na inona vitan'ireo, ary nandritra ny 5 taona ireo tsy hita. Ambarako etoana fa maro amin'ireo mpikambana ao amin'ny C'Lera ireo no manana raharaha miandry eny anivon'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenena. Tsiahiviko eto fa hatramin'ny villa Elisabeth aza lafo tamin'izany. Io fikambanan'ny dinozoro io dia hita fa tsy nisy nahavita azy ireo ary matahotra fifidianana sy mitady fiarahamitantana"*. Maro amin'ireo no nanimba ny Filoha Andry Rajoelina, hoy hatrany ity solombavambahoaka ity tamin'ny fotoan'androny ka ireny no lazaiko hoe vavan' ny mpanaratsy.

**HAR**

Tetikasa PRODIGY

# Voatendry ho mpandrindra ny sampan'ny tetikasa ny Dr Ricardo Ratsimba

Ny 24 janoary 2023 teo no nahazo fanendrena ofisialy avy amin'ny fitondram-panjakana nosoniavin'ny SGP ny Dr Ricardo Ratsimba ho mpandrindra ny sampan'ny tetikasa PRODIGY vonjimaika, na "Coordonateur d'unité de coordination de projet PRODIGY" izay miara-miasa amin'ny fanjakana. Amin'izao anefa dia tsy mety miala amin'ny toerany fa midongy hijanona eo ny mpandrindra teo aloha efa nahazo taratasy avy amin'ny Banky Iraisampirenena amin'ny fialany, araka ny loharanom-baovao azonay teo anivon'ny Ministeran'ny Fanajariana ny Tany. Ny 01 septambra 2020 no efa nandrindra ny tetikasa PRODIGY ilay tomponandraikitra teo aloha. Efa natao am-pilaminana sy tao anatin'ny fifanajana ny fifandimbiasan-toerana, saingy tsy mbola tontosa izany hatramin'izao ora anoratanay izao. Raha iverenana ny zava-nisy dia nanome safidy ny fitondram-panjakana ny amin'ny hanendrena olona mpandrindra nasionalin'io tetikasa io izay haharitra enim-bolana aloha. Ny Dr Ricardo Ratsimba dia manampahaizana amin'ny "Biodiversité", nahavita ny fianarany tany amin'ny oniversiten'i Angers, tany Frantsa. Vonona hametraka fanamby tsara kokoa amin'ny fampandehanana ny tetikasa PRODIGY ny mpandrindra vaovao.

**HAR**

Covid-19

# 10 ny marary vaovao, 5 marary mafy

10 no marary vaovaon'ny Covid-19, raha ny tatitra navoakan'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka tamin'ireo tranga nisy ny 21 hatramin'ny 27 janoary 2023 teo, tamin'ny fitiliana 331 natao. O5 ireo marary mafy ary amin'izao dia misy marary tsaboina 38 eto amintsika, izay efa tena nihena raha ireo antontanisa ireo. Hatramin'izao dia olona 67827 no efa voan'ny coronavirus teto Magasikara, ka azo tamin' ny alalan'ny fitiliana ny 67138 ary tamin'ny andiany faharoa kosa dia 689. Olona 66370, 97, 85 isanjato, amin'izao ireo efa nahazo fahasitranana. Ny 1419 tamin'ireo efa nararay, na 2,09 isanjato, no tsy nahatohitra an'ity areti-mandoza ity.. Hatreto dia fitiliana 524209 no efa vita manerana ny faritra 23 teto amintsika.

**HAR**

Lalam-pirenena Port Bergé-Antsohihy

# Miverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana amin'ny RN-6

Efa azo ampiasaina nanomboka omaly ny lalam-pirenena faha-6, mampitohy an'i Port Bergé-Antsohihy. Vita mantsy ny lalana vonjimaika eo amin'ny P K 217 +100, eo Ambalavola Ambalafaminty, any amin'iny faritr'i Sofia iny. Vokany, miverina amin'ny laoniny ny fifamoivoizana amin'iny lalam-pirenena iny. Nanaramaso ny asa fanamboarana tany an-toerana ny minisitry ny Asa Vaventy, Hatrefindrazana Jerry sy ireo teknisiana ao amin'ny minisitera. Teny ifotony nanatrika ihany koa ny tompon'andraikipanjakana any an-toerana. Nanamarika ny minisitra mpiahy fa mitohy hatrany ny fanamboarana ny lalampirenena simba. Tanjona ny tsy hampikatso ny fifamoivoizan'ny fiara.

**V.R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
ISIKA MIARAKA @
BAREA CHAN
SPONSOR OFFICIEL
1/2 FINALE
ALEFA
BAREA
GCL 412/1-1